



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitavane - Tanindrazana - Fandrosoana

**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-126

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAN-
DALÀNA LAHARANA FAHA-017/2020 TAMIN'NY 18 NOVAMBRA 2020
MOMBA NY POLITIKAM-PIRENENA MOMBA NY KOLOTSAINA**

Fivoriana Faha-6
- Natao ny
Zoma 21 Mey 2021
- Maraina -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

FOTOANA: Zoma 21 Mey 2021 tamin'ny 10 ora sy 15 minitra, maraina.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-017/2020 tamin'ny 18 Novambra 2020 mikasika ny Politikam-pirenena momba ny Kolotsaina.

Nitohy ny Zoma 21 Mey 2021 tamin'ny 10 ora sy 15 minitra, maraina, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Ramatoa Filoha dia niangavy ny Tale misahana ny Informatika eto amin'ny Antenimierampirenena, mba hamoaka ny lisitry ny fahatongavan'ny Solombavambahoaka manatrika ny fivoriana mialohan'ny hiatoan'ny fotoana.

Nanamarika koa Ramatoa Filoha fa ho fanajana ny Fitsipika Anaty Manokana, andininy faha-3 tamin'ny fanapahana laharana faha-4-HCC/D3 tamin'ny 17 Mey 2021 dia mandeha mivantana amin'ny "facebook" ny fivoriana.

Niangavian-dRamatoa Filoha, mba tsy hanadino an'izany ny Solombavambahoaka mandray fitenenana.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana, Ramatoa Filoha, izay fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-017/2020 tamin'ny 18 Novambra 2020 mikasika ny Politikam-pirenena momba ny Kolotsaina ary niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera mba hamaky ny tatitry ny asam-baomiera.

Noho ny tsy fanatrehan'ny Mpampakatenin'ny Vaomiera sy ny Filohan'ny Vaomiera ny fivoriana dia nanontany an'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena, Ramatoa Filoha, raha misy mpikambana hafa ao amin'ny Vaomiera afaka mamaky ny tatitra.

Namaly Andriamatoa RANDRIAMAHAFANJARY Calvin, Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena, fa ao amin'ny lisitry ny mpandray anjara miisa 44 no ahitana izay olona afaka mamaky ny tatitra. Raha tsy ao ny Mpampakateny dia mahazo mamaky tatitra izay olona mpikambana ao amin'ny Vaomiera.

Rehefa nozahana ny lisitra dia tsy nahitana mpikambana avy amin'ny vaomiera manatrika ny fivoriana.

Taorian'izay, nanazava Ramatoa Filoha, fa raha jerena ny tatitra, ny Filohan'ny Vaomiera, ny Solombavambahoaka CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot irery no tonga tamin'ny asam-baomiera. Ankoatra izay, tsy nisy mpikambana nanatrika asam-baomiera mihitsy, fa ny solotenan'ny Governemanta no nisy olona dimy tonga nanatrika fivoriana. Noho izay antony izay no tsy nampisy ny asam-baomiera.

Nanamarika ny Solombavambahoaka FIAROVANA Lovanirina Celestin, fa nisy fifandisoan-kevitra nitranga satria na ny Minisitry aza tsy nahafantatra hoe androany faha-21 Mey 2021 no handinihana ity volavolan-dalàna ity èto amin'ny fivoriamben'ny Antenimierampirenena. Nisy filazana tonga tany amin'ny Minisitry fa hahemotra amin'ny faha-28 Mey 2021 ny fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika azy ity. Izay no mety ho antony tsy nanatrehany izao fivoriana izao raha ny fijery azy.

Rehefa izany, nanamafy Ramatoa Filoha, fa tsy ho raikitra androany ny fandinihana ity volavolan-dalàna ity satria tsy nisy tonga nanatrika ny fivoriana ampitain-davitra ny mpikambana ao amin'ny Vaomiera. Fanampin'izay, ao amin'ny famintinana ny tatitra, nilaza ihany koa ny Filohan'ny Vaomiera, fa ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihan'ny vaomiera ity volavolan-dalàna ity.

Eo anatrehan'izay, hoy Ramatoa Filoha, tsy maintsy vakiana ny tatitra kanefa tsy misy afaka mamaky izany ny mpikambana. Noho izany, nanapakevitra, Ramatoa Filoha, fa ahemotra amin'ny lahadinika manaraka ny fandinihana ny volavolan-dalàna laharana faha-017/2020 tamin'ny 18 Novambra 2020 mikasika ny Politikam-pirenena momba ny Kolotsaina.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha: ny Talata 25 Mey 2021 amin'ny 10 ora, maraina, hisy ny fivoriambe hifidianana izay ho Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena avy amin'ny Faritanin'i Toamasina.

Amin'ny alalan'ny fivoriana ampitain-davitra hatrany no hanatanterahana izany, hoy Ramatoa Filoha.

Teo ampamaranana ny teniny, ninary Pentekosta sambatra ho an'ny rehetra, Ramatoa Filoha.

Niato tamin'ny 10 ora sy 25 minitra, maraina, ny fivoriana.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona